12

# NY FAHATERAHANA

## LOHAHEVITRA

- Mamantatra ny fahaterahana amin'ny riba sy soatoavina malagasy ary maneho ny lanjany eo amin'ny ankohonana sy ny fiarahamonina.

## LESONA HO TADIDINA

Lahatsoratra:

Fitiavan'i Neny
Zanaka tiana ka kolokoloina
Tambatambazina,safosafoina
Babebabena sy trotrotrotroina
Dokadokafana,ampihaingoina

Sasana,fahanana,ampisotroina
Karakaraina raha marary;tsaboina
Raha lena na maloto ny lambako soloina
Fono_ponosina,ampiakanjoina

Andriandrianina sy tompotompoina
Indraindray voasazy,voakapoka,tsongoina
Tsy te hanan_dratsy izy f'aza disoina
Na vatana na saina samy nampitomboina

I Neny?,
Tanin-jana-kazon-tserasera ka
Namoizany ny ainy tanteraka
Tsy nahalala kivy sy reraka
Ny fitiavan'ny Reny niteraka

Nanoro ahy ny marina
Nananatra tsy arina
Ka na soratra na sary na
Kajy; nampianarina

Irakirahina, kianina, baikoina
Raha mangataka trondro harato no omeny
Ny fitiavany anao no tiany porofoina
Izany s'izany ny fitiavan'i Neny AHY

Zava-dehibe ny fahaterahana satria :

- fidirana ao amin'ny tontolon' ny velona
- mariky ny fitohizan'ny taranaka
- mitombo isa ny fianakaviana

Maro ny fombafomba atao manodidina ny hoe fiterahana:

### 1- Raha mbola am- bohoka ny zaza

Raha mbola am-bohoka ny zaza dia tandremana fatratra. Maro ny FADY na zavatra tsy azo atao tsy maintsy hajain' ny vahivavy bevohoka: teo amin'ny Malagasy

| Fady | Dikany | Ny toe-javatra sorohina |
| --- | --- | --- |
| Tsy mahazo mipetraka an- tokonana | Atahorana hitokona ny zaza (ho saro- piterahana ny reny) | Mba tsy ho voaelingelina na voadona izy satria natao idirana sy ivoahana ny varavarana |
| Tsy mahazo manao sakamalao am- paosy | Atahorana hisy kambo ny zaza (mitombo ny ratsam-batana) | Atahorana ho taintra tampoka ny reny hihevitra izany ho toy ny biby ao am-paosiny |
| Tsy mahazo mililoho voatavo | Atahorana ho sola ny zaza | Samy malama na ny voatavo na ny volo ka atahorana hibolisatra ka hianjera ilay voatavo dia handratra |
| Tsy mahazo mandika famaky | Atahorana ho sima ny zaza | Atahorana sao haratra ilay reny bevohoka raha mahahitsaka tsy nahy ilay famaky |
| Tsy mahazo mandika tadin'omby | Atahoranahohifamatotra na hisaringotra ny tadim-poitra | Atahora ho voafingan'ilay tadin'omby ilay reny bevohoka ka hianjera |

### 2- Rehefa teraka ny zaza

Fahiny tsy mbola nisy hopitaly fa tany an-trano no niteraka ny vehivavy ary ny renin-jaza no mpampivelona. Mba hahafahany mifana dia ananganana komby izy.

Rehefa teraka ny vehivavy dia atao mafana tsara, tsy azo atao azondrivotra sao voan'ny sovoka (rivotra tafiditra ao amin'ny kibon'ny reny)...
Mijanona eo ambony fandriana mandridra ny 3 volana mba hiverenanan'ny fasalamanany, mamerina ny aina ny reny.
Maharitra telo volana ny fifanana, ka sakafo mafana sy be rony no omena ny reny. Milobona anaty lamba mafana, ka na mafana toy ny inona aza ny andro dia miaritra ny hatsembohana eo. Herinandro aorian' ny fahaterahana vao mahazo misaika.
Natao tao anaty "komby" ny reny sy ny zaza. Ny Komby dia fandriana ho an'ny mpifana, izay atao eo akaikin'ny fatana. Nofefena tsihy ny manodidina izany toerana izany ; io fefy tsihy io no atao hoe : KOMBY ( Komba na Kombo ho an'ny Antakay, Hivero hoy ny Antemoro).
Ahiboka ao ny vehivavy tera-bao, ao izy no mifana mba tsy ho sovohin'ny hatsika.

**3- Ny fifampitondrana rehefa misy tera- bao**

Satria fifaliana ny fahaterahana noho izany ho mariky ny fifaliana dia:

- manolotra rom- patsa na solon-drom- patsa ny tera-bao ny mpamangy
- manolotra kitoza na solon-kitoza ny mpamangy kosa ny tera- bao ho mariky ny fifaliany.

Samy mariky ny fihavanana sy hafaliana ireo.

| Fomba | Dikany |
|---|---|
| Rom- patsa na solondrom-patsa ( vola , vantotr' akoho, sy vary fotsy, kojakojan-jazakely) | -Mba hahabe nono ny reny (sakafon' ny zaza) |
| -Mba hampody indray ny fahasalaman' ny reny. | |
| Kitoza na solon-kitoza (vatomamy , mofomamy) | -ho nofon-kena mitam-pihavanana |

| | |
|---|---|
| -ho mariky ny hafaliana sy ny fisaorana | |
| Famangiana ny tera-bao | Ho mariky ny fiombonana hafaliana sy ny fihavanana |

**4- Ny fiheverana ny zanaka**

" Nitady toko ka sendra vato, maniry zaza ka tera-dahy".

Amin'ny Malagasy manana ny lajany manokana ny zanaka lahy mihoatra ny zanaka vavy.

Zanaka lahy: mandimby ny ray, mamelo- maso ny anaran-dRay, manabe voho ny tanindrazana.

Zanaka vavy: manara- bady, tendrombohitr'olona

**5- Voambolana manodidina ny fahaterahana**

Zanaka: sombin'ny aina, vahatry ny aina, menaky ny aina, fara amandimby/mandimby, solofo sy dimby, silaky ny aina

Reny: kitapo nifonosona, nitondra folo volana an-kibo, niankidrindrina irery, nisotro ny rano tsy tiana nitondra biby an- kibo, nibaby varatra

Ray: loham-pianakaviana, andry iakinana

Ray aman-dReny: nahitana masoandro, nahary tongotra amantanana, masoandro amam-bolana, sinibe manga roa, vato nandiavana

Mitsaika: mitoe- jaza, vao miforona ao an-kibo ny zaza

Bevohoka: manana anaka, efa hita kibo ny reny

Manala ratsiana: manome izay tian'ny bevohoka hohanina

**6- Ny firarian-tsoa sy fiarahabana ny reny sy ny zaza**

Firarian-tsoa ny vehivavy bevohoka

- "Manaova mora!"
- "Tongava soa ny tafika! "
- "Tongava soa ny vahiny kely!"

Firarian- tsoa rehefa teraka ny zaza

- “Maroroha taiza!”
- “Aza marofy taiza !”
- “Lehibeaza haingana ny zaza !”

Ny fiarahabana ny reny tera- bao

- “Arahabaina nomen’Andriamanitra ny fara.”
- “Arahabaina nahazo fara sy dimby.”
- “Arahabaina nahazo mpanapaka angady/ mpikapa kitay” (raha lahy ny zaza)
- “Arahabaina nahazo mpantsaka/mpanasa vilia.” (raha lahy ny zaza)

**7- Ohabolana**

“Nitady toko ka sendra vato, naniry zaza ka tera-dahy.”
“ Tsara raha maniry zaza ka tera- dahy.”
« Toy ny Ray aman- dReny : ny iray niteraka ,ny iray niampofo.”
“Ny ana-dRay aman-dReny toy ny tsipak’ombalahy mahavoa, mahafaty ; tsy mahavoa , mahafanina”

Ilaina foana ny manaraka ny toro hevitra/anatra omen’ny Ray aman-dReny
“Tsy misy mamy hoatra ny zanaka fa rehefa manaiki- nono akifika.”
“Ny zanaka toy ny tanan’ akanjo : atsipy ,ao an- damosina ihany.”
Ny zanakao dia zanakao foana.

## SAHANASA 1

Fenoy araka ny fahalalana nomena ny fafana

| Dingan'ny fahaterahana | Fanatanterahana | Dikany |
|---|---|---|
| Fady | | |
| Mifana | | |
| Mivoaka itany | | |
| Ala-volon-jaza | | |
| Fiarahabana sy firarian-tsoa | | |
| | | |

## SAHANASA 2

Ny fahaterahana sy ny heviny: Fenoy miainga amin'ny fahalalanao ny fafana

| RIBA FIAMPITANA | FAMARITANA | FOMBAFOMBA | NY HEVITRA FONOSINY | ANARAM-BOLA | FOMBA FITENY |
|---|---|---|---|---|---|
| FAHATERAHANA | | | | | |